

Tokantrano tratry ny bekorontana

# Gidragidra lava tsy nisy masoandro mihiratra 6

# NY VALOSOA

Gazety misaha intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alakamisy - Sabotiy)

VAOVAO

Talata 19 Jona 2018

Laharana 779

Vidiny : 400 Ar

II Tantara 7: 14 5

Faminaniana sy fanambarana  
ho an'izao tontolo izao

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

Raharaha-pirenena 2

Fiaramanidina nidaraboka 3

## Te hihaona amin-dRavalo i Ntsay

## Maty avokoa ireo mpandeha miisa 5



FAMPIANARANA TEKNIKA SY ARAK'ASA

5

Tsy hisy ny valifaty,  
ho firosoana amin'  
ny fanovana



Kianja 13 mey

2

Tsy tonga ireo  
depiote MAPAR

RN 35

7

Fiara mpitondra mpizaha-  
tany nisy nanafika indray

Jiro maty

3

Niaina tao anaty haizina  
tanteraka Antsirabe

Daka kely

Fanendrena ministra : hita mihitsy fa  
mpandainga sy mpampiesona nareo Raforce a !

Mondial 2018

4

Sahirankirana ireo  
ekipa lehibe



## FILOHA RAVALOMANANA

## Niatrika fotoam-pivavahan'ny Advantista

Tonga nanatrika fanoam-pivavaha lehiben'ny fiangonana. Advantista mitandrina ny andro faha-7 teny Soamanandrariny ny sabata farany teo, izany hoe ny sabotsy teo, teny Soamanandrariny ny filohan'ny komity fankalazana ny faha-50 taonan'ny fiangonana FJKM, sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagaskara (TIM), Marc Ravalomanana, Izao fotoam-pivavaha dia fanka-



Ny Filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny fiangonana Advantista Soamanandrariny.

Iazana sy fiderana an' Andriamanitra tao amin'ity Fiangonana Advantista Soamanandrariny dia vavaka ho an'ny

fitrotroana am-bavaka ny firenena isan-kerintaona noho ny fetin'ny fiverenan'ny fahaleovantanen'i Madagaskara,

ny 26 jona ho avy izao. "Sambatra ny firenena izay manana an'i Jehovah ho Andriamaniry, dia ny olona nofidiany ho lovany". Salamo 33:12, izay no loha-hevitri'zao fotoam-pivavaha lehibe izao. Niatrika izany ny Filoha Marc Ravalomanana, nisolotena ny fiangonana FJKM amin'ny maha-filohan'ny komity fankalazana ny faha-50 taonan'ity fiangonana ity azy.

*Isambilo*

Raharaha pirenena

## Te hihona amin-dRavelo i Ntsay

Nivoaka tamin'ny fahanginy ny filoha Marc Ravalomanana ny faran'ny herinandro teo ary naheho ny heviny manoloana ny toe-draharaoha politika eto amin'ny firenena ankehitriny. Izany dia nandritra ny fiaraha-bana azy noho ny fetin'ny Ray nataon'ireo Parlementera TIM, ny avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo mpikatroka eo anivon'ny antoko TIM ary ny Vondrona AAA-Tiko, nirary soa azy no-

hon'ny fahatratrana ny fetin'ny Ray, teny Faravohitra. Ny nandray fitenenana dia nanambara fa tanjona iray ihany ny an'ny rehetra dia ny hiverenenan'ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana indray. Raha nandray fitenenana kosa i Dada dia nambarany fa tsy nanao sonia izay mety ho fifarahanaha politika tamin'ny naniendrena sy nananganana io governemanta lo ny tezany. Nohamafis'in'ny filoha Marc Ravalomanana

fa tsy hahavaha olona io governemanta misy amin'izao fotoana izao io. Ny Praiministra Ntsay Christian, nanomboka ny faran'ny herinandro teo no efa nangataka fiaonana manokana taminy manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena. Manamafy ny filoha Marc Ravalomanana fa tsy misy afa-tsy ny faharan-dalana irery ihany no ahafahana mamaha izao olana ara-politika misy eto Madagaskara izao. Vonona ny antoko

Tiako i Madagaskara (TIM) hoy ny filoha Nasionaliny, Marc Ravalomanana hiatika ny fidianana filoham-pirenena. Na ny sehatra iraisam-pirenena izay mpamatsy vola na ny tenako hoy izy dia samy mahita fa tsy manana ny fahaleovantenany ny CENI ka tokony hisy ny fana-vaozana ny rafitra rehetra hatrany amin'ny kontany mba hisian'ny fidianana mangarahara eken'ny rehetra.

*Isambilo*

Kianja 13 mey

## Tsy tonga ireo depiote MAPAR

Mithy hatrany ny hetsibahoaka etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely, ny somary nanaitra omaly, tsy tonga ireo depiote avy amin'ny MAPAR, nitarika ny fotoana teny n-toerana ireo depiote hafa avy amin'ny Fanovana dia ny depiote TIM, ny tsy miankina ary ny avy amin'ny MMM. Tsy fantatra aloha na tena hiala amin'ny tolona tanteraka

izy ireo na ahoana satria ny sabotsy teo dia mbola tonga teny an-toerana ireo depiote mpomba an'i Andry Rajoelina ireo. Nisy ny fanfandaharana nataon'ity farany tamin'ny televiziona tsy miankina ny faran'ny herinandro teo, neverina fa nisy ny toromarika avy aminy omaly, ka nahatonga ireo solombavambahoakany tsy tonga teny an-kianja. Na izany na tsy

izany, ho hita eo anio, na tena tsy ho avy eo amin'ny 13 mey intsony izy ireo, ka hiala amin'ny tolona, satria ny tolona dia mbola tsy vita: mbola tsy miala Rajao, mbola tsy miala ny ministra HVM, ny sendika matahotra ny hisian'ny valifaty any amin'ny ministera.... Raha hiala tokoa izy ireo, dia tena namadika ny tolona, fitadian-tseza fotsiny izany

no tena nataony teny Analakely. Andanin'izany kosa anefa, ireo depiote hafa eo amin'ny Fanova dia mbola manohy ny tolona hatrany, mandra-pivalin'ireo fitakiana rehetra, satria efa nilokaloka izy ireo fa tsy hidadi-bellirano amin'ny vahoaka sy ny Fanova imatimatesana.

*Isambilo*

TIM Moramanga

## Nanatanteraka didim-poitra faobe

Tsy ny fanaovana politika ihany no atao'nny avy amin'ny antoko Tiako i Madagaskara na TIM any amin'ny distrikana! Moramanga fa nanatanteraka asa sosialy ihany koa izy ireo. Fam-

ran-jazalahy maimaimpoana faobe no nataony antoko TIM Moramanga ny faran'ny herinandro teo. Nanantanteataka izany asa famoran-jaza izany, Dokotera Jiamby namana nifanampy na-

hafahana namita ny asa soa ho an'i mpirabebona. Tsy zazalahy kely teo Moramanga ihany no noforainana tamin'izany, fa teo ihany koa ireo avy amin'ny faritra manodidina.

*Isambilo*



Ny didimpoitra faobe tany Moramanga.



Ireto mpitarika ny antoko TIM Moramanga.

Ny Valosoa sy fakafaka

## Tsy misy firenena mandroso anaty kitoatoa

Tsy tongatonga ho azy ny fandrosoan'ny firenena iray fa tsy maintsy misy ny antony mahatonga izany. Eo aloha ny tsy fameleina ny gaboraka hanjaka izay tsy afaka misaraka amin'ny fana-jana ny lalana, eo koa ny fitantana izay tsy hanjakan'ny halatra sy ny fanodin-kodinana ny harem-pirenena. Fa ankoatra izay mba hahafantarany ny mpitondra izay lalana hitondrany ny firenena izay tantaniny dia tsy maintsy fantany ny mombamomba ny fireneny. Amin'ny fomba ahoana no hikatsahana fampandrosoana kanefa ny isan'ny mponina aza tsy fantatra, raha ny eto Madagaskara ohatra dia izao vao manao hazakazaka arahin-tosika Ranfanjakana manao ny fanisana. Tsy fantatra ny isamaria ho an'ny olona mizaka ny zom-pirenena Malagasy. Mbola maro rahateo ny olona tsy manana soram-plankohonana any amin'ny faritra mitoka-monina, eny fa dia amin'ny tanan-dehibe aza, isan'andro anefea dia misy ny zaza teraka. Dia hoy isika manao hoe : ny isan'ny mponina aza tsy fantatra ka mifotra amin'ny inona moa ny programam-pampandrosoana tiana ho tantanahana ? Io no anisan'ny tsy nampahomby ny fitantanan'ny Hym, maika ny hahazo sezza ka tsy nahagaga raha nova matetika ny Praiministra. Mba firy moa amin'izao fotoana izao ny isan'ny omby eto Madagaskara ? Azo antoka fa tsy fantatra, na ny marimarina kokoa fanahiniana tsy isaina. Vokany dia manjaka ny halatr'omby manginy fotsiny ny fanondrana omby velona mankany lvelany izay tena manapotika ny toekarem-pirenena, ny omby vavy aza efa voinoin'ny sasany kanefa dia mandeha ho azy toy ny karatr'i Naivo tsy misy bedy ! Ny mahagaga dia ny karazan'olona efa nanapotika ny firenena no mbola misisika hahazo sezza. Fifidianana ma-moaka ny tena safidim-bahoaka no tadiavina mba hisian'ny tena fampandrosoana. Tsy misy firenena mandroso ao anatin'ny kitoatoa. Kitoatoa ny fameleihana Governemanta, kitoatoa ny fampiharana didim-pitsarana, kitoatoa daholo !!!

Rina Rabemananjara

Vondrony fanovana

## Takiana ny fanoloana ireo talem-paritra any Anôsy

Mithy hatrany ny tolona ireo mpiara-dia amin'ireo depiote 73 mitaky ny fanovana. Raha te hisy fionana tsaratsara kokoa ny zava-misy eto amin'ny firenena tsy maintsy esorina ireo tale Hym. Tsikiritra fa mihazakazaka mihtisy ireo teti-dratsin'i fitondrana ity ny amin'ny fiketrehana fomba ratsy. Miala any indray ny teritera atao amin'ireo sefopokontany sy ireo ben'ny tanana ary ireo mpandraharaoha. Manahy ny vahoaka ny mety hisian'ny familivilliana ny voka-pifidianana (safidy). Efa miketrika fomba ratsy. Tsy mitondra tsikera fotsiny ireo mpitondra mpitaky ny fanovana. Ny hanovana ireo talem-paritra(Hym), izay zatra ny fomba ratsy sy ny tsy fahala-omitantana no hatao. Ho fanoherana ity fitondrana ity sy ho fanomezan-tanana ireo depiote 73, tohizana ny tolona. Rajao sy ny forongony miala ihany no vahaolana manoloana izao savorovoro izao. Ny ao Fort Dauphin, misy ny fionana andinihana ny raharaha pirenena atao'ireo impanohitra miaraka amin'ireo sendikan'ny mpisia miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana isaky ny sabotsy.

Mangaraha



Que le Sacré Coeur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Coeur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Coeur pour faveurs obtenues.

Hir'Aina B



MONDIAL 2018

# Sahirankirana ireo ekipa lehibe

Rina Rabemananjara

Azo lazaina ho sahirankirana amin' izao fotoana ireo ekipam-pirenenenverina ho lehibe amin'ny Mondial andiany faha-21 atao any Rosia amin' izao fotoana. Voaporofo hatreto fa tsy misy intsony izay nambara hatramin'izay hoe : Ekipa lehibe sy kely raha toa ka ny Mondial 2018 no asiana resaka. Hatramin'ny Alakamisy nanombohan'ny Mondial andiany faha 21 tany Rosia mantsy dia tsy arakaraka izay noerteretina ny vokatra. Ny Alemá izay tompon-daka farany ohatra dia resin'i Mexique tamin'ny isa 1 no ho 0 na dia naindry hatramin'ny farany aza ry Gomez sy ry Kroos, ny Argentin indray dia tsy nahita fandresena fa nanao ady sahala 1 sy 1 tamin'ny Island, ny Islandais izay vao sambany no niatrika izany atao hoo Mondial izany. Azo hambara koa fa nitovy aretina tamin'ny Argentine i Bresil satria nanao sahala 1 sy 1 tamin'ny Suisse, ny Frantsyndray dia zara raha nandresy 2 no ho 1 an'i Australie. Tsara anefy ny manamarika fa i Allemagne sy Argentine sy Bresil ary i Frantsa dia taifiditra ao anatin'ny Top 10 izany hoo ao anatin'ny 10 voalohany eran-tany eo amin'ny baolina kitra araka ny filaharana nomen'ny Fifa. Ankoatra izay dia tsy mbola hita izay ilazana an'i Espagne sy i Portugal satria nisaraka sahala 3 sy 3. Raha izany rehetra izany ary no dinihana dia sarotra tante-raka ny fandidiana, izany hoo tsy mbola hita soritra mihitsy izay handrombaka ny amboara, ao mihitsy aza ny milaza fa ekipa tsy ampozina no mety handrombaka ny amboara volamena. Efa mivoa tanteraka ny baolina kitra ankehitriny satria samy miezaka ny rehetra. Ho an'ny solon-tena Afrikana kosa dia mila ezaka mafy satria mbola manana lalao 2 avy ny tsirairay any amin'ny isambondrona ka raha sanatria resy in-2 dia mampamangy. Ho hita eo izay hiafarany fa amin'ny 16 Jolay no hanfantarana ny valiny.



Ny fihaonan'ny Espagne sy Portugal, lalao tsy nahitana fandresena.



Ny fihaonan'ny Argentine sy Island, tsy nampozina nisaraka ady sahala.



Lavon'ny Mexique ry Rainiboto.



Ny fihaonan'ny Brésil sy Suisse, tsy nampozina koa, nisaraka ady sahala.

Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anana indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Anatsonga ity amin'ny sary ity fa azo afangaro amin'ilay henakisoa koa ny anana hafa toy ny anamamy, anandran... Atao ketsaketsa izany, dia mihinana finaritra tompoko.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Mbola ny momba ny aretina donika

Matetika dia sitrana ho azy anatin'ny 2 herinandro ny donika (izany hoo tsy nila notsaboina. Mora mifindra kely anefa ny donika ka mila maka aina be ny marary. Raha mandeha dokotera dia jereny ny anaty sofina, ny fibontsonan'ny nangy. Ary mba hanamarinana fa donika tokoa no mahazo dia mety hakana râ ilay zaza, na jerena ny fivalanan-dranony. Mila manaraka ny fanafody omen'ny dokotera tsara fotsiny amin'ny fitsaboana ity aretina ity. Tsy tokony hifanerasera amin'ny veihivavy bevohoka ny marary fa mahafa-jaza ho an'ny mitondra vohoka latsaky ny 3 volana. Tsy mahazo mianatra na mifanerasera amin'ny ankizy koa noho io aretina io mifindra haingana be. Misy ny fitsaboa natolaly ity aretina ity.



1-Rehefa misakafo ny ankizy dia zaro omena tongolo gasy manta sy tongolo be manta mba tsy ho andairan'aretina.

2-Dintina vahona(aloe vera) sy tamotamo(curcuma). Sady manaisotra ny bakteria no manala ny fanaintanana ny dintina vahona.

Silahina 2 ny ravina vahona ary kikisana hiala ny dinty ao anatiny. Rarahina tamotamo kelikely fotsiny io dintiny io ary afangaroina tsara.

Io fangaro io no ahosotra amin'ilay faritra mararin'ny donika. Andrasana ho malina, mandritra ny 30 minitra, vao kosehina moramora amin'ny « gant de toilette » vita amin'ny hasy na vovondandihazo nolemana tamin'ny rano matimaty. Atao in-2 na 3 isan'andro ity fanafody ity dia hanampy amin'ny fasitranan'ny donika vetivety.

3-Atao peta-gilasy izany oe maka gilasy dia fonosina lamba dia apetaka eo amin'ilay mivonto

4- KARIBÔNETRA: maka karibonetra tsisy fatra fa ataoovy izay mahatonga azy ho feta dia apetaka amin'ilay mivonto vao maina dia sasana mora amin'ny lamba.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny reniranon'i Linta any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny reniranon'i Linta any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Mivrina any amin'ny Lakandranon'i Mozambique ity reniranono ity. 173 km no halavany, manondraka velaran-tany 5800 km<sup>2</sup> dia ireo faritra maina any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara iny. Any Androka any amin'ny distrikan'Ampanihy Andrefana no tena ahitana ity reniranono ity.

## II Tantara 7: 14

## Faminianiana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

"Raha ny oloko izay nantsoiko amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivava sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra AHO ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny." II Tantara 7: 14

Ry zanak olombelona ol Mbole mafina aminareo ihany ve ny marina hatramin'izao? Ny antony ilazako zava-mafina sy ampiaranaro anareo Fahamarinana dia ny mba hitodihananareo AMIKO. Toy izao no tsy maitsy hiafaranareo : mankany amin'ny fahaverezan-kevitra no tsy maitsy hiafaran'izay monina ambany masoandro. Ho an'i Madagasikara manokana : talana no hivoaka hifehezana azy sy ny mpominina eo aminy fa e, e, e, Malagasy leom-boanana ka tsy tia zava-boribory intsony. Indro fa tsy hanaiky izay hitondrana azy mihtisy fa samy hitsangana ny sehatra maro kanefa aiza ihany ity vaholaona? Hoy AHO JEHOVAH teo aloha hoe : tsy misy hekeny n'iza n'iza mipeetraka eo. Ka dia hiafara hatrany amin'ny FANAKATONANA FIANGONANA ka dia an-kisambosambatra etsy sy eroa. Ka dia averina indray ve ilay taloha hoe: angony daholo ny Baiboly dia soloina ity Rankizy of Tandremo fa zava-doza koa izany. Tandremo ry Malagasy fa mitady hiverina tany amin'izay efa nialana indray lanareo : FANOMPOANA hafahafa, FOMBIA hafahafa, LALANA hafahafa, ASA hafahafa, FIAVANA hafahafa, FIFANARAHANA hafahafa, sas.

Ataovinareo olombelona tsianjery tsy tapaka mihtisy izao : TSINONTSINONA AHO FA HAY JESOSY NO TOMPON'NY FIAINAKO SY NY HO AVIKO ARY NY MANDRAKIZAIKO. Ny antony ilazako zavatra maro aminareo olombelona dia mba tsy ho tampoka aminareo izay ho avy mampahatohatra, mapivarahontsana, mahakly, mahaketraka indrindra fa mampamerina ka tandremo e, sao manao toy ireo virjiny 5 Hendry sy 5 adala. Aza hadinoinareo fa ny Hendry dia malina mandrakariva fa ny adala kosa dia hoy ny ohabolana 23: 9 "Aza miteny amin'ny adala fa ho hamavoiny foana ny teniniao". Eny fa na dia izao FANAMBARANA ataoaka izao aza. Mino AHO JEHOVAH fa olon-kendry izay manaihy izao SORATRA mitondra ANATRA sy FANITSIANA izao. Ohabolana 10: 14 : ny Hendry mirakitra halabala fa ny wavan'ny adala eo akaikin'ny fandringana mandrakariva. Ohabolana 10: 17 : izay mino anatra dia ho tonga eo amin'ny lalan'ny fiafiana. Fa mivily kosa izay mandra anatra. Fantatra fa tsy zakarenco olombelona IZAO miteny mivantana, fa izao e, FOMBAKO TSY MIOVA izany. Fantatra fa hafahafa aminareo izany fa fombako anef. Tandremo fa IZAO JEHOVAH koa rehetra tonga toy izao, na miseho amin'ny fombako dia izao no tsarovy : na hisy FAMONJENA tonga na mananontanana ny loza. Ka amin'ity indray mitoraka ity, dia hiara-hitontona eo izy roroa ka anjaranao no mampantatra. Kanefia izao SORATRA izao dia indro fa sady mampahafantatra sahadys izay tokony hafantarinna, ary efa manoro sahadys ny lalan-tokana sy marina ka dia asakasakao no sisa. Inona indray ary izany hoy ianareo? Tamin'ny andron'i Nos AHO dia efa nanafatra (safo-drano) Genesisy 6. Tamin'ny Mosesy AHO dia niseho, Eksodosy 3. Marobe ireo nampiasaiko ary mitovy tamin'ireny ihany izao ankehitriny izao, fa ny vanim-poloana fotsiny no samy amin'ny fotocanany avy. Izao ary no hafstro aminareo, tsy maitsy vonjena amin'izao faharana sy fahapotehana izao ny tany sy izay eo aminy. Indro ny FAMANTARANA dia eny amin'ny lanitra ambony sy amin'ny tany ambany. Ny eny aminy lanitra dia toy izao : ireo ASAN'NY TANAKO ireo no asehoko aminareo fa MISY AHO JEHOVAH ary tia anareo olombelona tsy an-kanavaka. Mba andrandrao matetika ny masonareo fa hisy

fisehoan-javatra maro mahagaga eny am-in'ny lanitra eny. Toy ny tselatr'afy manoratra araka ny fahitako ny zava-misy ambany masoandro, ny fivezivezen'ireo kintana eran'ny lanitra. Mbole ho hitan'ny masonareo koa izany hoe: io volana io, tsy kintana tokana intsony no manotrona azy afa kintana anankiroa izay midika hoe: Tonga ny FAHASOAVANA, ny FIADANANA, ny FAHATANTERAHANA. Izany dia hodidinin'ny AVANA ao anaty boribory.

Toy izany koa io masoandro izay hitanareo io. Hisy fotoana koa izy dia hodidinin'ny AVANA, izay midika hoe: TSY MISY MAHATOHITRA NA MAHASAKANA izay tiako hatao. Ho hitanareo koa izany hoe: io masoandro io indray no mandeha fa ny tany kosa mijanona. Ny tany kosa dia hisy fotoana hihozongozona tsy hanapijanonana. Hisy aizina 3 andro amin'ny tany sady alizim-pilo tsy ifankahitana, hisy am-pahan-tany hiendaka amin'ny toerany ary faharitana renirano maro, fa amin'ny toerana sasany kosa dia ora-mikija tay ankiato. Samia mivavaka fa hisy anie sady tampoka ilay tanana tsy ho hita popoka intsony izy sy ny mpominina eo aminy, mampahelo izany. Aoka samy hitandrina ny firenena sy ny fantaniny rehetra ambany masoandro. Tsy mahazaka faholana sy fahavelavetana ny tany satra MASINA izay rehetra eo aminy, ka ankehitriny dia samia mandinika izay zava-misy eo am-in'izay fiafiany ny zanak olombelona tsy ankanavaka, indrindra fa ny firenena izay mamadika ny tsara ho ratsy, ireo izay manova ny lalan'ny avy AMIKO JEHOVAH ho lalan' arahina kanefa dia mandringana, mahafaty, miteraka ozona, miteraka ady, indrindra fa manaoana ny TSODRANO avy ao am-bavako ka soloinareo ny fahalizanareo sy ny fahalizanareo izay tsy avy AMIKO fa avy aminareo ihany. Diniho izany TENIKO izany ry olombelona of Indro efa betsaka ny firenena efa tsy mivavaka AMIKO intsony, sy mino ny FISIAKO sy ny HERIKO ary ny FAHEFAKO. Aoka tsy ho hadinoinareo fa TENY dia nisy ny tsy nisy ary TENY kosa dia foana izay misy tsy araka my sitrapoko. Ny zavatra hataoko ambany masoandro : mpanompo ny hataoko fitaovana. Manana ministera dimy AHO : Mpaminany, Mpiandry (Pasteurs), Iraka (Missionnaires), Mpampianatra, Evangelistra. Tanora izay efa manana an'i JESOSY ary ireo ve-hivavy efa nomaniko ho amin'ny ASA LEHIBE. Ny lehilahy? Miomania fe FANJAKAM-PISORONA no hilsena anareo, I Petera 2: 9. Mitsangana, Mihazavà, Zakania 14: 9: IZAO no Mpanjakana ny tany, amin'izany andro izany dia iray ihany AHO ary JEHOVAH no Anarako.

Lahatsoratra manaraka dia ho an'ny Firenena ivelan'ny Madagasikara, hatao amin'ny tony vahiny tsy hisy havoaka gazety amin'ny tony Malagasy ihany ao ariana. Amen!

HALELOIA!

(mbola hitchy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min-6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min-7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora-12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

## FAMPIANARANA TEKNIKA SY ARAK'ASA

## Tsy hisy ny valifaty, tsy hisy ny fanilikilihana ho firosoana amin'ny fanovana



*Ny ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, Rahantaso Lydia.*

Tsy hisy ny valifaty, tsy hisy ny fanilikilihana ao amin'ny ministera foibe tetsy amin'ny Complexe Ampeliofiloha omaly ny ministra vao-vao Rahantaso Lydia. Nandritra ny fanangana ny favevam-pirenenena voalohany isaky ny alatsinainy, niarahana tamin'ireo mampiase rehetra ao anivon'ny ministera no nanambaran'ny Ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa Rahantaso Lydia izany. Tamin'izany ihany koa no nanontsortany ireo Laharam-pahamehana

ao anivon'ny ministera tantanany, na fanamby ao anatin'ny 200 andro ihany aza no ho tanterany miaraka amin'ireo mampiase rehetra ao anivon'ny ministera : na ao anaty sendika na tsia. Nisy ihany koa tamin'ny omaly ny fiafahanany tamin'ireo solontenan'ny sendika ao anivon'ny Ministera. Nambarany fa

hisy ny fanatevenana ny fahaiza-manaon'ny sendika mandritra ny itanta-nany ity ministera ity, fahatevenana ny fahaiza-manao ihany koa ho an'ireo mpampianatra, mba ho tena mpianatra mahafely tsara ny teknika sy hiditra avy hatrany amin'ny tseenan ny asa ireo mpianatra sy mpiofana hofanina. Nan-deha nitety Lycee sy ko-lej teknika teto Antanana-rivo sy ny manodidina avy hatrany izy avy eo. Ny eto Antanana-rivo sy ny manodidina no notsi-dihany voalohany, fa hilatratr amin'ireo Lycée sy kolej teknika manerana ny Nosy izany, hijerena ny olana ifotony sy ny vahaolana eo amin'ity sehatra ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa ity.

*Isambilo*

## Omby 29 lasan'ny dahalo

## Tafaverin'ny zandary sy fokonolona ny 20

Nitranjana asan-dahalo indray amin'ny kao-minina Alarobia-Bemaha ny alin'ny Alahady hifoha Alatsinainy 18 Jona 2018 teo, ampasatokana fokontany Ambohijafy-Bemaha. Alina no nahantongavan'ireo dahalo niisa roapolo, nirongo fia-taovam-piadiana ka omby niisa 29 no lasan'izy ireo. Ny alin'ny alasahy tokony ho tamin'ny 11 ora alina dia nahazo antisony zandary ka nidina avy hatrany tany an-toe-

rana nanatevina ny fana-rahantia dia niaraka tamin'ny fokonolona. Vokany dia tafaverin'ny fokonolona sy ny zandary ny omby 20, satra raikitra ny fifandonana teo amin'izy ireo sy ny zandary. Ankoatra izay dia azo antoka fa nisy dahalo iray naratra ihany koa saingy tsy hitan'ny vatany fa nelin'ireo namany saingy tavela kosa ny basy vitagasy iray nampiasainy. Fantatra moa fa tsy nisy naratra

aloa hatreto ireo mpianradia niaraka tamin'ny zandary ary mbola mitohy ny fanarahan-dia ireo dahalo amin'izao fo-toana, manaraka ireo omby 9 hafa sy ireo dahalo. Isan'ny toerana mafana amin'ny asan-dahalo moa iny faritra mampisaraka an'i Amoron'i mania sy Vakinankaratra iny, izay tsy manam-piafaranana ny hatr'omby.

*Lezama*

## Fanabeazana politika

## Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Diplomatie :** Amin'ny Siansa politika, ny diplomasia dia misahana ny fifandraisana iraisam-pirenenena. Hetsika sy fomba fano rehetra misolotena ny firenena any amin'ny tony hafa ;

**Directoire militaire :** Fitantana miaramila mandritra ny tetezamita.

**Discrimination :** Fanilikilihana.

**Disruption :** Teny fampiasa amin'ny sehatra serasera, indrindra amin'ny famokarana dokambaratra izay noforon'i Jean Marie le Dru tao amin'ny TBWA. Fampiasa koa amin'ny fanamboarana sarin'ny mpao-npolitiika ny disruption izay midika ny fanesorana ny sary mahazatra ary omena endrika vaovao. Ny mpisera Nathalie Rastoin avy ac amin'ny TBWA izay nanampy an'i Segolène Royal no ritondra anio fomba fano lo voalohany teo amin'ny sehatra politika.

**Dogmatisme :** Ilaizana ny

fanamboarana sarin'ny mpao-npolitiika ny disruption izay midika ny fanesorana ny sary mahazatra ary omena endrika vaovao. Ny mpisera Nathalie Rastoin avy ac amin'ny TBWA izay nanampy an'i Segolène Royal no ritondra anio fomba fano lo voalohany teo amin'ny sehatra politika.

**Domaine réservé :** 1) fariatra voafetra ny mampiase na ny fampiasana azy. 2) fahafana natokana ho an'ny Filohan'ny Repoblika frantsay araka ny Lalampanorenana. Ohatra ny fampiasana ny fiadina no-kleary. Ny ministeran'ny raharahan-bahiny sy ny fiorcvana dia sehatra natokana ho an'ny Filohan'ny Repoblika na lehi-bem-panjakana.

**Dragons(les) :** Ilaizana ireo tony efatra any Azia nahavita fampandrosoana ara-loekarena sy sôsioly malaky hatremin'ny taona 1970. Teny ampiandohany, efatra ireo tony ireo: Singapour, Hong Kong, Korea atsimo ary Taiwan. Taty ariana dia niampy an'i Malezia sy Indonesia.

**Domaine privé :** Fananampanjakana afaka tantanana ny olon-Isora na tsy miankina.

Ohatra ny tranom-panjakana

natokana ho an'ny mpiasam-panjakana.

**Domaine public :** Fananampanjakana ampiasain'ny fananjana dia ny oniversite, ny hopitaly.

**Domaine réservé :** 1) fariatra voafetra ny mampiase na ny fampiasana azy. 2) fahafana natokana ho an'ny Filohan'ny Repoblika frantsay araka ny Lalampanorenana. Ohatra ny fampiasana ny fiadina no-kleary. Ny ministeran'ny raharahan-bahiny sy ny fiorcvana dia sehatra natokana ho an'ny Filohan'ny Repoblika na lehi-bem-panjakana.

**Dragons(les) :** Ilaizana ireo tony efatra any Azia nahavita fampandrosoana ara-loekarena sy sôsioly malaky hatremin'ny taona 1970. Teny ampiandohany, efatra ireo tony ireo: Singapour, Hong Kong, Korea atsimo ary Taiwan. Taty ariana dia niampy an'i Malezia sy Indonesia.

**Fetra Ramamonjy**

ORINASA AMBATOVY

## Mampandroso ny Faritanin'i Toamasina amin'ny asa sosialiny

*Azo lazaina fa isan'ny mandray anjara mavitraika amin'ny fampan-drosoana ny faritanin'i Toamasina ny orinasina Ambatovhy amin'ny alalan'ireo sehatr'asa so-sialy izay ataony.*

Tsy very tamin'ireny Alaotra. Mangoro satria nametrahany alana vaovao ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra raha toa ka isan'ny nahazo tsena lehibe sy manara-penitra ny renivohitr'i Bezanzano ankoatra ny fanamboarana alana. Ho an'i Toamasina kosa dia betsaka ireo foto-drafitr'asa nomen'ity orinasa lehibe eto Madagasikara ity. Isan'ny notsidihan'ny manpanao gazety avy aty Alaotra Mangoro avokoa ireo karazana asa goavana nataon'Ambatovy ireo ny herinandro lasa teo. Isan'izany ny Bazary be izay efa voatokana tany amin'ny 20 jona 2014. Tsena izay noha-vaozina izy lo satria azo hambara fa sehatra iray ifaneraseran'ny vahoaka kanefa dia ratsy dia ratsy tokoa fahimy. Afaka man-dresy mampianatra hantena

A group of approximately ten workers are standing in a workshop or industrial setting. They are all wearing white hard hats and yellow high-visibility vests with reflective stripes. Some workers have dark blue shirts underneath their vests, while others have light blue shirts. The background shows various pieces of equipment and structural elements typical of a factory or workshop environment.

*Nitsidika ny zava-bitan' Ambatovy ireo mpanao gazefy avy any Alaotra Mangoro.*

rikana na 16,5 arivo taplrisa ariary no nama-tsian'Ambatovy an'ity tetik'asa Jirambato ity tam'inny alalan'ny tahiry ho an'ny tetik'asa sosialy sy foto-drafitr'asa. Isan' ireo fanampiana an-itsitrapo tanterehin'Ambatovy ho fanohanana ny fampandrosoana lovalinjafy any amin'ny faritra iasany izany tetik'asa izany hoy izy ireo. Tafidira ao analin'ity tetik'asa Jirambato ity ny fanomezana sy fampandehanana milina Deutz BV 16M-640-KHD roa ho an'ny milina mpamokatra herinaratra, izay aha-fahana mamokatra 12,6 MW, ary ny fanarenana ireo alternatera mifandraika amin'izany. Mbola manginy fotosiny ny fanomezana ny kojakoha samihafa ilaina amin'ny fametrahana izany. Fa isan'ny lehibe sy goavana ihany koa ny nanoloran'Ambatovy ny faha-03 jona 2016 issa teo iny ny sampam-piarovana sivily ny faritra Antsinanana izay napetraka ao Barika dimy Toamasina. Hiatrehana ny loza eo amin'ny lafiny teknolojia sy ny loza voajana-hary mety hitranga no antony nananganana azy ity hoy izy ireo. Miententina hatrany amin'ny iray tapiträsa Dolara izy io ary ahitana trano harifomba miisa enina. Ankoatra ny fananganana ny foto-drafitrasa dia nisy ihany koa ny fanomezana fanaka sy fitaoavana ampiasaina amin'ny fa-

nofanana ary ny fitao-vana ilaina amin'ny vonjy taitra niampy fiara miisa fito ahafahan'ireo mpisaa mirotsaka antsehatra avy hatrany raha misy loza. Tandind-nor'ny loza eo amin'ny lafiny toer'andro hatrany tanan'nan'i Toamasina ka isan'ireny ny rivo-doza sy ny tondra-drano izay mitarika aretina isan-karazany. Eo ihany koa ny loza mitatao vokatry ny fisian'ny orinasa maro ao an-toerana ka izany no antony name-trahia io sampam-piarovana io, taorian'ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny fanjakana sy ny vondrom-piaraha-moni-ny ifotony ary ny ao Ambatovy hoy ny fanazava-vana voaray. Tsy maka velively ny toeran'ny fanjakana Ambatovy fa maniry kosa ny handray anjara amin'ny fampandrosoana eto an-toerana amin'ny maha mpandra-haraha eo amin'ny sehatry ny toe-karena azy hoy ny Filohan'Ambatovy, Tim Dobson nandritry ny fanolorana ireo fanomezana lehibe rehetra ireo. Nampialky volana ny maro ny nahiita ny fanavaozana nentin'ity orinasa ity tam'in'ny trano fianarana ao amin'ny Lisea teknika sy fianarana arak'asa ao Toamasina ao. Mitentina hatrany amin'ny 400 000 USD na 1,2 miliara aria-ry no nentina nanavaozana sy naanaganana io fianarana io, izay hita hofena ratso dia ratsvo.

koa ary saika efa mont-sana mihitsy aza teo aloha teo raha ny fana-zavana nentin'ny tompon'andraikiry ny sekoly. Nampivoatra tante-raka ny seha-pampiana-rana ara-teknika ao antoerana ny fahavitan izy, ho hoy ny tompon'andraikiry ny sekoly. Manihina fa ao anatin'ny fandral-san'ny orinasa andraikitra eo amin'ny lafiny sosialy dia nametraka vola mitentina 25 tap-trisa dolara Ambatovy entina hamatsiana iretikasa sosialy sy foto-draftrasa ho tombontsoan'ny mponina eo amin'ny faritra iasany, tam'in'ny taona 2012. Nira-nidinika sy nisafidy tam'in'ny tompon'andraikapanjakana amin'ny faritra iasany sy ny fanjakana malagasy ny tetikasa mba handraisany anjara amin'ny fampandrosoana ny lafiny sosialy sy toekarena ho an'ny mponina amin'izany faritra izany. Mbloa misy tetik'asa miisa valio hafa ihany koa anefavatsian'ny « Fonds d'Investissement Social d'Ambatovy » dia ny tetik'asa foimpiana akoho-fakana nofo « Harena-soa », izay natao ho an'ny kaominina Ialovan'ny fantsombin'Ambatovy, ny fandevonana ny amoniaka mbola mitoby ao amin'ny orinasa Zeren teo aloha, ny fmetrahana sampam-plarovana sivily misahana ny loza industrialy ary ny fanagananganana ny tsena-



Anisan'ny fitaovana nomen'Ambatovy ny JIRAMA,

masina aö.

Tokantrano tratry ny bekorontana

# Gidragidra lava tsy nisy masoandro mihiratra

*Tokantrano manana ny maha-izy azy izy mianakavy ireto. Mpamboly sy mpiompy izy mivady ireto ary mpivarotra ihany koa. Midittra tsara ny vola ary tsy nisy olana teo amin'izy mivady.*

Indray andro anefa dia solafaka rangahy ka nia-raka tamina sipakely ary tsy hay nafenina intsony ny fiarahany fa fantaty ny vadiny. Nanomboka teo dia niharatsy ny fiarahany izy mivady satria namaly faty ihany koa ramatoa ka nanao sipa ihany koa. Ny tsy nitovizany anefa dia ny an'ilay rangahy tsy nieritreritra na inona na inona ,fa ny an'ilay ramatoa kosa dia ny handavaka ny haren'izy mivady no-tanjon'ny sipany satria fantaty tsara fa manambola izy mivady ireto. Nanomboka teo dia raikitra ny adin'izy mivady. Lasa ady lava tsy nifankahitana ny tokantranon'izy ireo. Tratry ny tsatoka sy blocage mihitsy ny fainany ary nikatsao avokoa ny rehetra. Lasa nikorontana hatramin'ny fianakaviana satria na ny zanany aza dia lesa tsy tian-dramatoa. Olona tsara iray no Andresy iahetra azy ka nana-tona teny amin'i Madame Noelah mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ary ny ampitso ihany dia nihaona ny roa-tonta.

## **Tratry ny mosavin'ny sipany ramatoa**

Vao noraisin'ity mpitsabo ity fotsiny ilay ramatoa dia nambarany fa ny sipany no namosavy azy satrnia tsy nanaiky ny hetahetany ilay ramatoa. Ny hantotika anareo no tanjony hoy ilay mpitsabo. Nokarakarain'ity mpitsabo ity ilay ramatoa ka roa andro taorian'ny fikarakarana monja dia afaka ilay sipany ary iray andro taorian'izay dia niverina dia holo ireo mpividy rehetra tao aminy satria nampan-droina ilay ramatoa. Niaiky ilay ramatoa fa tsatoka tokoa no nahazo azy raha tsy nokarakaraina teny aminy dia saiky potika tao anatin'ny fotoana fohy monja ny flainany noho ny hasomparana na-taon ny mpialona. Miverina amin'ny laoniny anke-hitriny ny flainan'izy mianakavy ary foana ny olana samihafa teo aloha.

Ny Akama

Fahamaizanay

## Trano fivarotana miisa 7 levon'ny afo

Nitrangana hai-trano nahatsiravina indray tao amin'ny faritra Antsenakely-Antsirabe ny alin'ny Sabotsy 16 Jona 2018 lasa teo, tokony ho tany amin'ny 2 ora maralna tany ho any. Toeram-pivatotana avokoa moa ireto may ireto ary tsy misy mipetraka fa ny entana ihany no mipetraka ao Hainga dia haingana ny fandehan'ny afo satria dia antsasakadiny teo ho eo monja dia levona ireo trano hazo izay feno entam-barotra toy ny "frippe ries" lamba sy sakaosy isan-karazany ary toerana fanamboarana sy fivarotana ireny "Batteries" hoan'ny fiarakodia ireny. Tsy vao sambany akory no nisiana trano may teo amin'ity toerana ity feefa in-4 izay no nitrangany' izany ary saika akalky fety toa izao no hitrangany. Nambaran'ireo mampodidina moa fa olana eo amin'ny samy mpandova mampanofa ny tany ampiasain'ireo mpivarotra no antony satria tsy mitovy ny fizaram-bola no sadys misy tsy misitraka ny hofan-tany ihany koa ny mpandova sasany ka izany hatrano no hitrangany' hai-trano toa izao satria misy ny misabotazy ireo mpanofa mba haliany eo amin'ny toerana mba samy tsy hisy ahazo tombontsoa amin'io tany hiadivana io. Efa nisy moa ny taratasy nitranovaon'ireo mpivarotra izay tsy fantatra na fitoriana na fitarainana io nataon izy ireo io Asa moa raha hisy fepetra ho raisin'ny mpitondrana fanjakana mikasika ity tranganya.

Solophen



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny parlemantera TIM sy ny mpitarika ny CUA niarahaba ny Filoha Ravalomanana tratry ny fetin'ny Ray ny alahady teo.



Ny Filoha Ravalomanana niatrika ny fotoam-pivavahahan'ny Fiangonana Advantista tenty Soamanandrariny ny sabotsy teo.



## FILAZANA MANJO

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo fa ny reny malalanay



### RAHARIMANANA Jeanine

dia nantsoin'ny Ray hody aminy ny alahady 17 jona 2018 rehefa nivahiny 70 taona teto an-tany.

Hoy :

#### Ny zanany :

- RAHARIMANANA Alice
- Mme Veuve RAHELISOA Arphine
- RANDRIANARISON Richard sy Beby
- RABARIQUELO Tovo Harrice sy Huguette
- RANDRIANARISON Harimanana Jocelyne
- ANDRIANARIVONY José Francky sy Voahangy
- RANDRIANARISON Herilaza sy Dorette
- RASOLOMANANA Vonisoa Franck Lalaina

#### Ny Zafiny :

Sedera, Aina sy Mirana, Lucas sy Hantatiana, Hericka, Judie, Tiana sy Fitia, Mitia, Tiavina, Mpandresy sy Malala, Herilala, Yandi, Cathy, Stéphanie, Herianja, Tommy.

#### Ny Zafiafiny :

Warren, Michonna, Louna, Yowan, Fitiavana, Nathan.

*Ny iray tampo aminy avy eto an-toerana sy any ivelany  
Ny iray tampo amin'ny vadiny sy ny zanaka aman-jafiny*

*Ny Fianakaviana manontolo*

*Ny FJKM Ivato Seranana Vavahadin'ny Lanitra*

*Ny FJKM Ambatomena Fitiavana*

*Ny Fokontany Ivato Aéroport*

*Ny Fokontany Ambatobe*



Ny nofony dia hiala ao an-tranony, Lot K5 081 Ivato Aéroport ny Alarobia 20 Jona 2018 amin'ny 1 ora ary hoentina atao veloma farany ao amin'ny Fiangonana FJKM Ivato Seranana Vavahadin'ny Lanitra mialoha ny hametrahana azy any amin'ny fasan-dražany any Ambatobe.

«Aminao Jehovah o ! No hanandratako ny fanahy».  
Salamo 25: 1

Tsy misy fiaretan-tory